


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Maha-zava-dehibe ny Fahazotoana

Aoka isika hazoto



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ny fahazotoana no fanapahan-kevitra faharoan’ny hoe “Andao isika” hita ao amin’ny Hebreo toko faha efatra:

> “Koa aoka isika hazoto hiditra amin’izany fitsaharana izany, fandrao hisy olona latsaka amin’ny tsi-finoana tahaka izany koa.” (Hebreo 4:11)

Nomarihako teo aloha fa io fampitandremana io dia mifototra amin’ny zavatra niainan’ny Isiraelita tamin’ny diany avy tany Egypta namakivaky ny efitra. Tsy tafita ho any amin’ny Tany Nampanantenaina ny ankamaroan’izy ireo — ilay toerana sy fitsaharana nampanantenain’Andriamanitra azy ireo — noho ny fitondran-tena ratsy nataony sy ny toe-tsainy. Dia lavo tany an-efitra izy ireo. Milaza ny Soratra Masina fa nianjera tany an-efitra ny fatin’izy ireo noho ny tsy finoana sy ny tsy fankatoavana (jereo ny Nomery 14:29, 32). Ary noho ny tsy finoana sy ny tsy fankatoavana, dia tsy nahare ny feon’ny Tompo izy ireo. Nanana ny ivelany izy ireo, saingy tsy nanana ny tena zava-dehibe tena ilaina, ao anatin’ny fivavahana marina rehetra — ny fihainoana ny feon’ny Tompo.

Ka izany no fahadisoan'ny Isiraely — fahadisoana mahatsiravina. Rehefa avy nilaza hoe: “Aoka isika hatahotra” (Hebreo 4:1), dia nanohy ny mpanoratra ny Hebreo —mbola nifototra tamin’ny ohatrin’ny Isiraely —ka nilaza hoe, “Aoka isika hazoto.” Mino aho fa tena voajanahary izany. Raha tena mandray am-po tokoa ny loza amin’izany toe-piainana ara-panahy izany isika ary matahotra, amin’izany heviny izany, ny zavatra natoraly manaraka ho ataontsika dia ny ho mazoto.

Andeha hodinihintsika vetivety ny atao hoe fahazotoana. Ny fomba iray ahafantarana ny dikan’ny teny iray dia ny fandinihana ny mifanohitra amin’izany. Miharihary fa mifanohitra amin'ny fahazotoana ny hakamoana. Tsy misy teny tsara holazaina momba ny hakamoana ny Baiboly. Lohahevitra tsy dia misarika ny saina loatra amin’ny Kristianisma ankehitriny izany.

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny teny fampanantenana fidirana amin’ny Fitsaharanao. Manambara

© 2008 - Dries Du Plessis

aho fa ny tena zava-dehibe, ao anatin’ny fivavahana marina rehetra dia ny fihainoana ny feon’ny Tompo. Hazoto aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-288-MLG
Nohavaozina farany: 29 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

